# Mofonaina 17 Septambra 2024 – 2 Korintiana 4:12-15

**2 Co 4:12-15**

## 1 – Ny Boky

1.1 **Fandraisan'anjaran'ny tsirairay:**

- Toko 13, Taona: 58 T.K.
- Andininy tadidinao: 2 Co 5:17; 2 Co 4:8; 2 Co 5:1…

1.2 **Fanampiny:**

- Ity epistily ity dia voasoratra raha mbola tsy nigadra Paoly (miaraka amin'ny 1 Tesalonianina, 2 Tesalonianina, 1 Korintiana, Galatianina, sy Romanina).
- Tany Makedonia no toerana nanoratana ny epistily (2 Co 9:4).
- Raha heverina fa tamin'ny taona 37 T.K. no niovan'i Paoly ho Kristiana, dia 21 taona taty aoriana vao nosoratany ity epistily ity, izany hoe olona efa anti-panahy no manoratra.
- Ity epistily ity dia valin-kafatry ny fandraisan'ny Korintianina ny taratasy voalohany izay tena nahery (2 Co 7:6-10).
- Misongadina ato ny fiarovan'i Paoly ny maha-apostoly azy (2 Co 10-13).
- Miresaka betsaka ny amin'ny voninahitr'Andriamanitra ny epistily, ary tsy voninahitra ho avy fotsiny, fa izay azo jerena ankehitriny ety an-tany feno fahoriana.
- Misongadina ato koa ny fampianarana ny amin'ny fanolorana (2 Co 8 sy 2 Co 9).

**Drafitry ny Boky:**

- **2 Korintiana 1-5:** Ny herintsika mpino an'i Jesoa

- **2 Korintiana 6-9:** Ny fitondran-tena Kristianina
- **2 Korintiana 10-13:** Ny amin'ny maha-apostoly an'i Paoly

---

## 2 – Famaritana ny Teksta

Ao amin'ny fizarana milaza ny herintsika mpino no misy ny anjara mofon'ainantsika. Ny 2 Co 4:12-15 dia ao anatin'ny toko fahefatra, izay mampisongadina ny harena miafin'ny mpino ao anatin'ny fahalemeny: rakitra anaty vilany tany 2 Co 4:7).

**NB:**

- "Fahafatesana" eto dia ny fahafatesan'ny vatana (Thanatos) (Jn 11:4).
- "Fiainana" (Zoe) eto dia midika fiainana vaovao (Rom 6:4).

---

## 3 – Ireo Hevitra Manan-danja Azo Avoaka avy amin'ny Teksta

3.1 Ny Mpino dia mijoro ho vavolombelona na dia mety ho vidiny lafo aza ny vokatr'izany (2 Co 4:13).
3.2 Ny Mpino rehetra no atsangana miaraka amin'i Kristy (2 Co 4:14).
3.3 Ny Mpino velon'ny fahasoavan'Andriamanitra dia mampitombo ny fisaorana an'Andriamanitra (2 Co 4:15).
3.4 Ny Mpino mahafoy tena dia tonga fahavelomana ho an'ny hafa (2 Co 4:12).
3.5 Ny Mpino dia manana fanantenana tsy azo hozongozonina (2 Co 4:14).
3.6 Ny Mpino dia ampiombonina amin'ny fanantenana iray (2 Co 4:14).

# 4 – Fampiharana: Aoka

4.1 **Aoka** hanana fahasahiana hijoro ho vavolombelona mandrakariva isika.
4.2 **Aoka** hatoky ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty isika.
4.3 **Aoka** ho feno fankasitrahana an'Andriamanitra isika noho ny fahasoavana ivelomantsika sy ny namantsika isan'andro.
4.4 **Aoka** ho fantatsika fa ny fahafoizan-tenantsika amin'ny fanompoana dia fahavelomana ho an'ny hafa.
4.5 **Aoka** hiseho eo amin'ny fiangonana fa mitovy tanjona banjinina isika, sady iray fanantenana ka mafy amin'ny fiombonana.